# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Desambra 2018

# 20 Alakamisy desambra

**Fa nahazo laza amam-boninahitra tamin'Andriamanitra Ray Izy *(Jesosy)*, raha tonga teo aminy avy tamin'ny voninahitra lehibe indrindra ilay feo nanao hoe : „Ity no Zanako malalako Izay sitrako".** 2 Petera 1. 17

## Anarana mahagaga (2)

Ankehitriny dia tsy misy anarana hafa nomena ny olona, ahafahany mahalala an'Adriamanitra. Izany anarana izany dia ny anaran'Ilay Zanany malalany, Izay nankasitrahiny : Jesosy, Izay nomeny „mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3. 16).

Ny finoana izany anarana izany no mahavonjy, manafaka, manova olona. Io anarana io no namindra azy ireo avy tao amina fiainana tsy misy fanantenana, voamariky ny ota, mizotra ho amin'ny fahaverezana, ho ao amina fiainana misy ny fahafahana sy fahasambarana. Iza tokoa moa, ankoatra an'i Kristy, no mahay manafaka olona amin'ny fatoran'ny faharatsiana ? Na iza na iza mpamono olona, na mpangalatra, na mpanenjika ny kristiana, dia tsy vitan'ny hoe voavela heloka fotsiny izy, rehefa miaiky fa meloka eo anatrehan'Andriamanitra sy mitoky amin'i Kristy ; fa koa manjary olom-baovao, manjary zanak'Andriamanitra, manjary tia ny tsara ary mandà ny ratsy. Dia afaka mihira ho voninahitr'Ilay manana ny anarana hoe Mahagaga izy.

*Tsy misy tahaka anao, Jesosy,*
*Satria Ianao irery no fahamarinana ;*
*Ny zava-drehetra ao aminao, ry Ilay mendrika hitsaohana,*
*Dia fitiavana, fahalehibeazana ary hatsarana.*

Fony tetỳ an-tany Jesosy dia „nahazo laza amam-boninahitra tamin'Andriamanitra Ray". Taorianan'ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana, rehefa tany an-danitra Izy, dia nasandratr'Andriamanitra ho avo indrindra ary nomeny „ny anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, mba ho amin'ny anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra ... sy haneken'ny lela rehetra fa Jesosy Kristy no Tompo ho voninahitr'Andriamanitra Ray" (Filipiana 2. 9-11).

*Eo afovoan'ny seza fiandrianana faratampony,*
*hitako Ianao,*
*Ry Zanak'ondry nanjary ozona*
*teo amin'ny hazofijaliana,*
*Nambaran'Andriamanitrao mihitsy*
*hoe Mpanjakan'ny mpanjaka.*